# The Lord Jesus Christ Will Come Again

By President Russell M. Nelson
*President of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints*

# Hiverina indray i Jesoa Kristy Tompo

Nataon'ny Filoha Russell M. Nelson
*Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany*

October 2024 general conference

---

*Now is the time for you and for me to prepare for the Second Coming of our Lord and Savior, Jesus the Christ.*

*Izao no fotoana ho anao sy ho ahy mba hiomanana amin'ny Fiaviana Fanindroany an'ny Tompo sy Mpamonjintsika, Jesoa Kristy.*

My dear brothers and sisters, I am grateful that the Lord has blessed me to speak with you.

Ry rahalahy sy anabavy malalako, feno fankasitrahana aho fa nitahy ahy ny Tompo mba hahafahako miresaka aminareo.

In this conference, the Lord has spoken to us through His servants. I urge you to study their messages. Use them as a litmus test of what is true and what is not during the next six months.

Tamin'ity fihaonambe ity dia niresaka tamintsika tamin'ny alalan'ireo mpanompony ny Tompo. Mamporisika anareo aho handalina ny hafatr'izy ireo. Ampiasao ho toy ny andrana hamantarana amin'ny fomba tsy azo iadian-kevitra izay marina sy izay tsy marina izany mandritra ireo enim-bolana manaraka.

The preservation and renovation of the Salt Lake Temple and other areas on Temple Square have been underway for nearly five years. Present projections indicate that this work will be completed by the end of 2026. We are grateful for all who are working on this massive project.

Ny fitazonana sy ny fanavaozana ny Tempolin'i Salt Lake, ary ireo faritra hafa eo Temple Square dia efa natomboka efa ho dimy taona izao. Ny vinavina amin'izao fotoana izao dia milaza fa ho vita any amin'ny fiafaran'ny taona 2026 io asa io. Feno fankasitrahana izahay noho ireo olona rehetra izay miasa amin'ny fanatontosana io tetikasa goavana io.

During the last six months, we have dedicated or rededicated nine temples in five countries. Between now and the end of the year, we will dedicate five more.

Nandritra ireo enim-bolana farany dia nanokana na namerina nanokana tempoly sivy tao anatina firenena dimy izahay.Manomboka izao ka hatramin'ny faran'ny taona dia hanokana dimy hafa izahay.

Today we are pleased to announce plans to construct 17 more temples. Please listen reverently as I announce the locations.

Androany izahay dia faly manambara drafitra hanorenana tempoly 17 fanampiny. Mihainoa amim-panajana fatratra azafady eo am-panononako ireo toerana.

Juchitán de Zaragoza, Mexico
Santa Ana, El Salvador
Medellín, Colombia
Santiago, Dominican Republic
Puerto Montt, Chile
Dublin, Ireland

Juchitán de Zaragoza, Meksika
San Salvador, El Salvador
Bogotá, Colombie
Santiago, République Dominicaine
Puerto Montt, Chili
Dublin, Irelande

Milan, Italy
Abuja, Nigeria
Kampala, Uganda
Maputo, Mozambique
Coeur d'Alene, Idaho
Queen Creek, Arizona
El Paso, Texas
Huntsville, Alabama
Milwaukee, Wisconsin
Summit, New Jersey
Price, Utah

My dear brothers and sisters, do you see what is happening right before our eyes? I pray that we will not miss the majesty of this moment! The Lord is indeed hastening His work.

Why are we building temples at such an unprecedented pace? Why? Because the Lord has instructed us to do so. The blessings of the temple help to gather Israel on both sides of the veil. These blessings also help to prepare a people who will help prepare the world for the Second Coming of the Lord!

As the prophet Isaiah prophesied, and as memorialized in Handel'sMessiah, when Jesus Christ returns, "the glory of the Lord shall be revealed, and all flesh shall see it together."

In that day "the government shall be upon his shoulder: and his name shall be called Wonderful, Counsellor, The mighty God, The everlasting Father, The Prince of Peace."

Jesus Christ will govern from both old Jerusalemand the New Jerusalem "built upon the American continent."From these two centers, He will direct the affairs of His Church.

In that day the Lord will be known as "King of Kings, and Lord of Lords." Those who are with Him will be "called, and chosen, and faithful."

Brothers and sisters, now is the time for you and for me to prepare for the Second Coming of our Lord and Savior, Jesus the Christ.Now is the time for us to make our discipleship our highest priority. In a world filled with dizzying distractions, how can we do this?

Milan, Italia
Abuja, Nigéria
Kampala, Oganda
Beira, Mozambique
Coeur d'Alene, Idaho
Queen Creek, Arizona
El Paso, Texas
Huntsville, Alabama
Milwaukee, Wisconsin
Summit, New Jersey
Price, Utah

Ry rahalahy sy anabaviko malala, hitanareo ve ny zavatra mitranga izay eo ambany masontsika mihitsy? Mivavaka aho mba ho tsikaritsika ny maha-be voninahitra izao fotoana izao! Tena manafaingana ny asany tokoa ny Tompo.

Fa nahoana isika no manorina tempoly amin'ny hafainganana tsy mbola nisy toy izany? Nahoana? Satria asain'ny Tompo isika hanao toy izany. Manampy amin'ny fanangonana an'i Isiraely ao amin'ny lafiny roan'ny voaly ireo fitahian'ny tempoly. Manampy amin'ny fanomanana olona izay hanomana izao tontolo izao amin'ny Fiavian'ny Tompo Fanindroany koa ireo fitahiana ireo!

Araka ny nolazain'i Isaia tamin'ny faminaniana sy izay voalaza amin'ny fomba tsy hay hadinoina ao amin'nyLe Messiean'i Handel, rehefa miverina i Jesoa Kristy, dia "hiseho ny voninahitr'i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany."

Amin'izany andro izany "ny fanapahana dia ho eo an-tsorony; ary ny anarany antsoina hoe: Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, Ny Ray Maharitra Mandrakizay, Ny Andrian'ny Fiadanana."

Sady hanapaka avy ao Jerosalema fahiny i Jesoa Kristyno hanjaka ao Jerosalema Vaovao izay "haorina eo amin'ny kaontinanta Amerikana."Hotarihiny avy any amin'ireo ivon-toerana roa ireo ny raharahan'ny Fiangonany.

Amin'izany andro izany ny Tompo dia ho fantatra amin'ny hoe "Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo." Ireo izay miaraka Aminy dia ho "voantso sy voafidy ary mahatoky."

Ry rahalahy sy anabavy, izao no fotoana ho anao sy ho ahy mba hiomanana amin'ny Fiaviana Fanindroany an'ilay Tompo sy Mpamonjintsika, dia i Jesoa Kristy.Izao no fotoana tokony hanaovantsika ho laharampahamehana ambony indrindra ny maha-mpianatry ny Tompo antsika. Ahoana no ahafahantsika manao izany ao anatina tontolo feno zava-mahavariana mahafanina?

Regular worship in the temple will help us. In the house of the Lord, we focus on Jesus Christ. We learn of Him. We make covenants to follow Him. We come to know Him. As we keep our temple covenants, we gain greater access to the Lord's strengthening power. In the temple, we receive protection from the buffetings of the world. We experience the pure love of Jesus Christ and our Heavenly Father in great abundance! We feel peace and spiritual reassurance, in contrast to the turbulence of the world.

Hanampy antsika ny fitsaohana tsy tapaka ao amin'ny tempoly. Mifantoka amin'i Jesoa Kristy isika ao amin'ny tranon'ny Tompo. Mianatra Aminy isika. Manao fanekempihavanana hanara-dia Azy isika. Lasa mahafantatra Azy isika. Rehefa mitandrina ny fanekempihavanantsika tany amin'ny tempoly isika, dia mahazo misimisy kokoa amin'ny hery mampatanjaky ny Tompo. Mahazo fiarovana amin'ny fampijalian'izao tontolo izao isika ao amin'ny tempoly. Mahatsapa be dia be ny fitiavana madion'i Jesoa Kristy sy ny an'ny Raintsika any An-danitra isika! Mahatsapa fiadanana sy fanomezan-toky ara-panahy isika, izay mifanohitra amin'ny fikorontanana eto amin'izao tontolo izao.

Here is my promise to you: Every sincere seeker of Jesus Christ will find Him in thetemple. You will feel His mercy. You will find answers to your most vexing questions. You will better comprehend the joy of His gospel.

Izao no fampanantenako aminareo: Hahita Azy ao amin'ny tempoly izay rehetra mikatsaka marina an'i Jesoa Kristy.Hahatsapa ny famindram-pony ianareo. Hahazo valiny amin'ireo fanontaniana manahirana anareo indrindra ianareo. Ho takatrareo misimisy kokoa ny fifaliana avy amin'ny filazantsarany.

I have learned that the most crucial question we each must answer is this: To whom or to what will I give my life?

Nianatra aho fa ity no fanontaniana manan-danja indrindra tsy maintsy valiantsika tsirairay avy: Ho an'iza na amin'ny inona no hanolorako ny aiko?

My decision to follow Jesus Christ is the most important decision I have ever made. During medical school, I gained a testimony of the divinity of God the Father and His Son, Jesus Christ. Since then our Savior has been the rock upon which I have built my life.That choice has made all the difference! That decision has made so many other decisions easier. That decision has given me purpose and direction. It has also helped me weather the storms of life. Let me share two examples:

Ny fanapahan-kevitro hanara-dia an'i Jesoa Kristy no fanapahan-kevitra manan-danja indrindra nataoko hatrizay. Nandritra ny fianarana ho mpitsabo dia nahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny maha-Andriamanitra an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany aho. Hatramin'izay fotoana izay dia ny Mpamonjintsika no vatolampy nanorenako ny fiainako. Nanova zavatra lehibe izany safidy izany! Nanamora ireo fanapahan-kevitra maro hafa izany fanapahan-kevitra izany. Nanampy ahy hanana tanjona sy hahalala ny lalana ombako izany fanapahan-kevitra izany. Nanampy ahy hiaritra ireo fitsapana teo amin'ny fiainako koa izany. Mamelà ahy hizara ohatra roa:

First, when my wife Dantzel unexpectedly passed away, I could not reach any of our children. There I was, alone, devastated, and crying out for help. Gratefully, through His Spirit, the Lord taught me why my dear Dantzel had been taken home. With that understanding, I was comforted. Over time, I was better able to cope with my grief. Later, I married my beloved wife Wendy. She was a central part of my second example.

Voalohany, rehefa nodimandry tampoka i Dantzel vadiko, dia tsy nisy tratrako antso ireo zanakay. Tamin'izay aho dia irery, kivy ary niantso vonjy hahazo fanampiana. Soa ihany fa nampianarin'ny Tompo ahy tamin'ny alalan'ny Fanahiny ny antony nakana an'i Dantzel hody any amin'ny Ray. Nahazo fampiononana aho noho izany fahatakarana izany. Rehefa nandeha ny fotoana dia nitombo ny fahafahako niaritra ny alaheloko. Taty aoriana dia nampakatra an'i Wendy vadiko aho. Mitana anjara toerana man-

an-danja ao amin'ny ohatra faharoa hozaraiko izy.

When Wendy and I were on assignment in a distant land, armed robbers put a gun to my head and pulled the trigger. But the gun did not fire. Throughout that experience, both of our lives were threatened. Yet Wendy and I felt an undeniable peace. It was the peace "which passeth all understanding."

Rehefa nandeha namita andraikitra tany amin'ny tany lavitra iray izaho sy i Wendy, dia notohofan'ny jiolahy mitam-piadiana basy ny lohako dia notsindriany ilay fihatsim-basy. Saingy tsy nipoaka ilay basy. Tao anatin'izany zavatra niainana izany dia notandindomin-doza ny ainay roa. Kanefa nahatsapa fiadanana tsy azo lavina izaho sy i Wendy. Ilay fiadanana "mihoatra noho ny fahalalana rehetra"izany.

Brothers and sisters, the Lord will comfort you too! He will strengthen you. He will bless you with peace, even amidst chaos.

Ry rahalahy sy anabavy, hampahery anareo koa ny Tompo! Hampatanjaka anareo Izy. Hanome fiadanana anareo Izy, na dia ao anatin'ny korontana aza.

Please listen to this promise of Jesus Christ to you: "I will be on your right hand and on your left, and my Spirit shall be in your hearts, and mine angels round about you, to bear you up."

Mba henoy ity fampanantenana omen'i Jesoa Kristy anareo ity: "Ho eo ankavananareo sy eo ankavianareo Aho, ary ho ao am-ponareo ny Fanahiko, ary hanodidina anareo ny anjeliko mba hanohana anareo."

There is no limit to the Savior's capacity to help you. His incomprehensible suffering in Gethsemane and on Calvary was for you! His infinite Atonement is for you!

Tsy misy fetra ny fahaizan'ny Mpamonjy manampy anao. Ho anao ny fijaliany tsy takatry ny saina tao Getsemane sy teo Kalvary! Ho anao ny Sorompanavotany tsy misy fetra!

I urge you to devote time each week—for the rest of your life—to increase your understanding of the Atonement of Jesus Christ. My heart aches for those who are mired in sin and don't know how to get out. I weep for those who struggle spiritually or who carry heavy burdens alone because they do not understand what Jesus Christ did for them.

Mamporisika anao aho hanokana fotoana isan-kerinandro, mandritra ny androm-piainanao sisa, mba hampitombo ny fahatakaranao ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Marary ny foko ho an'ireo izay mahatsapa ho voafandriky ny fahotana kanefa tsy mahalala ny fomba hivoahana amin'izany. Mitomany aho ho an'ireo izay manana ady ara-panahy na mitondra enta-mavesatra irery satria tsy takany izay nataon'i Jesoa Kristy ho azy ireo.

Jesus Christ took upon Himselfyoursins,yourpains,yourheartaches, andyourinfirmities.You do not have to bear them alone! He will forgive you as you repent. He will bless you with what you need.He will heal your wounded soul.As you yoke yourself to Him, your burdens will feel lighter.If you will make and keep covenants to follow Jesus Christ, you will find that the painful moments of your life are temporary. Your afflictions will be "swallowed up in the joy of Christ."

Nentin'i Jesoa Kristy teo Aminy ny fahotanao, ny fanaintainanao, ny ratram-ponao, ary ny rofinao.Tsy voatery hizaka izany irery ianao! Hamela anao Izy rehefa mibebaka ianao. Hanome anao ny zavatra ilainao Izy.Hanasitrana ny fanahinao maratra Izy.Rehefa miray zioga Aminy ianao, dia ho maivana kokoa ny enta-mavesatrao. Raha hanao sy hitandrina fanekempihavanana hanara-dia an'i Jesoa Kristy ianao, dia ho hitanao fa mandalo ihany ireo fotoam-pahoriana eo amin'ny fiainanao. Ho "voatelina ao amin'ny fifalian'i Kristy"ny fahorianao.

It is neither too early nor too late for you to become a devout disciple of Jesus Christ. Then you will experience fully the blessings of His Atonement. You will also be more effective in helping to gather Israel.

Tsy misy izany hoe aloha loatra na tara loatra izany ho anao mba hahatongavana ho mpianatr'i Jesoa Kristy manolo-tena. Dia hahatsapa feno ny fitahiana avy amin'ny Sorompanavotany ianao avy eo. Hahomby kokoa ihany koa ianao amin'ny fanampiana amin'ny fanangonana an'i Isiraely.

My dear brothers and sisters, in a coming day, Jesus Christ will return to the earth as the millennial Messiah. So today I call upon you to rededicate your lives to Jesus Christ. I call upon you to help gather scattered Israel and to prepare the world for the Second Coming of the Lord. I call upon you to talk of Christ, testify of Christ, have faith in Christ, and rejoice in Christ!

Come unto Christ and "offer your whole [soul]" to Him.This is the secret to a life of joy!

The best is yet to come, my dear brothers and sisters, because the Savior is coming again! The best is yet to come because the Lord is hastening His work. The best is yet to come as we fully turn our hearts and our lives to Jesus Christ.

I bear my solemn witness that Jesus Christ is the Son of God. I am His disciple. I am honored to be His servant. At His Second Coming, "the glory of the Lord shall be revealed, and all flesh shall see it together." That day will be filled with joy for the righteous!

Through the power of the sacred priesthood keys I hold, I declare this truth to you and to all the world! In the name of Jesus Christ, amen.

Ry rahalahy sy anabavy malalako, ho avy ny andro iray izay hiverenan'i Jesoa Kristy eto an-tany amin'ny maha-Mesian'ny arivotaona Azy. Koa androany aho dia miantso anareo mba hanokana indray ny fiainanareo ho an'i Jesoa Kristy. Miantso anareo aho hanampy amin'ny fanangonana an'i Isiraely niely patrana sy hanomana an'izao tontolo izao amin'ny Fiavian'ny Tompo Fanindroany. Miantso anareo aho hiresaka an'i Kristy, hijoro ho vavolombelona ny amin'i Kristy, hino an'i Kristy, ary hifaly ao amin'i Kristy!

Manatòna an'i Kristy dia "atolory … Azy ny fanahinareo manontolo".Izany no tsiambaratelon'ny fiainana feno fifaliana!

Mbola ho avy ny maraina, ry rahalahy sy anabavy malalako, satria hiverina indray ny Mpamonjy! Mbola ho avy ny maraina satria manafaingana ny asany ny Tompo. Mbola ho avy ny maraina rehefa mampitodika tanteraka ny fontsika sy ny fiainantsika amin'i Jesoa Kristy isika.

Mijoro ho vavolombelona amin'ny fomba manetriketrika aho fa i Jesoa Kristy no Zanak' Andriamanitra. Mpianany aho. Voninahitra ho ahy ny maha-mpanompony ahy. Amin'ny Fiaviany Fanindroany "dia hiseho ny voninahitr'i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany." Ho feno fifaliana io andro io ho an'ny olo-marina!

Amin'ny alalan'ny herin'ny fanalahidin'ny fisoronana masina hazoniko no hanambarako io fahamarinana io aminareo sy amin'izao tontolo izao iray manontolo! Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.